




MIARA-MIVOATRA SY MIARA-MILALAO
Sombin-dalao hiarahana amin'ireo
ankizy voafonja



LALAO 1

FANTARIKO NY NAMAKO

Lalao : Tsotra

Fitaovana ilaina : Tsy misy

Isan'ny mpandray anjara : 10

Tanjona : fifankafantarana sy fifaneraserana be be kokoa.

Manatsara fitadidiana.

Faharetany : 15 min

Fizotran'ny lalao :

Asaina miparitaka ny ankizy amin'ny voalohany mandende ary miheritreritra ny ho resahiny amin'ny namany mba hampahafantaran'ny namany ny tenany.

Rehefa tapitra ny iray minitra dia asaina mandende tsiroaroa zareo ka mifampitantara izay tiany ho fantatry ny namany momba azy-mandritra ny 2min. Aoriana ny 2 minitra dia atao mande tsitelotelo indray zareo ary mifankafantatra eo. rehefa tapitra ny 2 minitra dia halefa tsiefatrefatra indray dia toy izany foana mandrapaha. Rehefa tafavory ny rehetra dia mifanontany izay fantatra momba olona voatondro ny mpandray anjara.



Kilalao azo ampiasaina rehefa misy ankizy vaovao, mba hanamarihana ny fidirany ao ary hahafahany mifandray amin'ireo ankizy hafa.

Eo amin'ilay famaranana dia azo atao ny mamorona fanontaniana maromaro mahakasika ireo mandray anjara ka izay maha marina dia mahazo isa?

LALAO 2

NDRAY MIPI-MASO

Lalao : Tsotra

Fitaovana ilaina : tsy misy

Isan'ny mpandray anjara : tsy voafetra

Tanjona : Fampivelarana ny fahaizana mandinika

Faharetany : 20 min

Fizotran'ny lalao

Misy olona iray voatondro ho polisy ka mivoaka na manalavitra ny rehetra ary tsy tokony hahita na haheno ny resaka. Ny hafa kosa dia voriana avy eo ny mpitarika lalao manondro olona iray hatao mpitifitra ka izao no fandehany : izay mifampijery amin'ilay mpitifitra ka pihany maso dia maty ka midaraboka amin'ny tany. Rehefa milamina tsara ny fihetsika dia atsoina ilay voatondro ho polisy ka alefa eo anivo izy ary azavaina amin'ny ny fizotry ny lalao izany hoe mitady ilay pitifitra.

Raha tsy mahita ilay polisy dia asaina mamorona tononkalo na laha-teny kely mahakasika ny maharatsy ny famonoana olona na ny halatra. Ilay mpitifitra koa raha tratra dia asaina manao toy io ihany koa.



Azo hovaina ho fihetsika hafa ilay pi-maso fa tsy voatery hoe pi-maso foana. Ny ilaina fotsiny dia fantatry ny rehetra hoe rehefa manao ilay fihetsika ilay mpitifitra dia maty ilay tifrina.

Azo ampiana ihany koa hoe in-telo voatifitra ohatra voa maty izany hoe voatifitra voalohany dia maratra voatifitra faharoa dia torana ary voa faha telo dia maty.

Natao izany mba ho ela kokoa ny lalao.

LALAO 3

TAXI BROSY

Lalao : Antony

Fitaovana ilaina : Tsihy lehibe antonona olona 5 mitsangana

Isan'ny mpandray anjara : 5 na mihoatra

Tanjona : fampivelarana ny hakingana sy ny fiaraha-miasa faharetany 15 min

Fizotran'ny lalao



Velarina eo amin'ny tany ny tsihy iray ary asaina mitsangana eo amboniny avokoa ny rehetra. Ny tanjona dia ny mamalona ilay tsihy hiforitra valo ka tsy miala eo ambony tsihy ny mpilalao. Resy na tapitra ny lalao raha toa ka misy iray tafa-pehitany ny tongony na ny tanany.



Raha mihoatra ny 5 ny mpilalao dia azo atao fifaninana izany hoe zaraina tarika 2 na 3 dia izany mahavita voalohany no mandresy

Raha 5 kosa dia azo atao ny mametra ny fotoana hanatanterahiny ilay asa.

Ohatra : havalona 8 ao anaty ny 1 minitra ilay tsihy tsy misy mipeka tany, na koa hoe havalina 12 anaty ny 1 minitra.



LALAO 4

MPIHAZA BIBY

Lalao : Sarotra

Fitaovana ilaina : baolina, fitaovana hamaritana ny kianja


Isan'ny mpandray anjara : 10

Tanjona : fampivelarana ny hakingana sy ahafetsifetsen'ny mpandray anjara

Faharetany 15 min

Fizotran'ny lalao

Misafidy olona 6 asaina manao ny fandehan'ny biby fihaza iray sy ny feony. Misafidy olona efatra kosa atao mpihaza. Ny mpihaza dia efa ao anaty ny kianja, ny biby kosa ao @ tranony, eny amin'ny kihon'ny kianja. Vao maneno ny kiririoka dia mivoaka ny fiafenany avokoa ireo biby koa raha vantany vao mivoaka ny biby voalohany dia ampidirina ao anaty kianja ihany koa ny baolina. Amin'ny alalan'io baolina io ihany no afahan'ireo mpihaza mitifitra ireo biby. Tsy azon'ny mpihaza atao ny mandehandeha raha ohatra ka eny an-tanany ny baolina izany hoe mifampipasy baolina izy ahafahany manenjika ny biby. Ny biby kosa dia manao izay afany ialana ny baolina, ary manao izay ahatongavany ery amin'ny fiafenana iray ery ampita ilay voalohany. Rehefa tonga ao amin'ny ilay fiafenana faharoa daholo ireo biby tsy maty voatifitra dia maneno indray ny kiririoka ary maka aina kely 1 minitra ny rehetra. Tapitra ny 1 minitra dia maneno indray ny kiririoka ka mivoaka mamonjy ny tranony ireo biby ary ny mpihaza dia miezaka ny mitifitra ihany.



D : Trano fiafenana hiaingana

A : Trano fiafenana atongavana



Ireo biby izay voakasikin'ny Baolina dia maty ka mivoaka avy hatrany any ivelany. Ataon'ny mpihaza izay tsy ivoahan'ny baolina ny kianja fa raha ohatra ka mivoaka ny baolina dia misy biby iray miditra izay vao afaka ampidirina indray ny baolina.

LALAO 5

Pasipasy kanety

Lalao : Sarotra

Fitaovana ilaina : Sotro iray isan'olona, kanety na zavatra mi-tovy aminy 1 isan-tarika

Isan'ny mpandray anjara : tarika 2 ahitana olona 5 isan-tarika fara-fahakeliny

Tanjona : fampivelarana ny hakinga, fitandremana, fiaraha-miasan'ireo mpandray anjara

Faharetany 30 min

Fizotran'ny lalao

Zarina ho ekipa telo na mihoatra ny mpandray anjara.


Milahatra mahitsy ireo mpiray tarika. Tazomina @ vava @ alalan'ny tahony ilay sotro. Apetraka eo amin'ilay sotron'ilay mpandray anjara voalohany isan-tarika ny kanety. Mifaninana ny isan-tarika manao course ka mandeha tsirairay ny ao anaty tarika ka izay nahavita niodina ny kianja dia manome ilay Kanety ny namany tsy mampiasa tanana ary manao izay



Raha sanatria ka latsaka ilay kanety dia miverina hatramin'ny voalohany ilay tarika nandatsaka.

2 cm amin'ny vodin-tsotro ihany no milentika any am-bava.

Raha tiana ho sarotra kokoa ilay lalao dia atao course borety indray ilay izy izany hoe mandeha @ tanana ary misy namana iray mifamadika avy eo.



--- Lalana alehan'ny mpandray anjara anaty tarika tsirairay



Toy izao ny fitana ilay sotro ary eto zao tsy kanety fa bol kely no nampiasaina

LALAO 6

Matsilo

Lalao : Tsotra

Fitaovana ilaina : lambahoany, karazan-javatra be dia be (oh: kojakoja, stylos, sotro, taratasy, tady kely, sns)

Isan'ny mpandray anjara : 05

Tanjona : fampivelarana ny hakingan-tsaina, fitadidian'ireo mpandray anjara.

Faharetany 15 min

Fizotran'ny lalao

Apetraka eo amin'ny tany na eo ambony lambahoany ireo karazan-javatra maromaro eo amin'ny 20 isa eo ho eo (mahazo misy mive-rin-droa ilay zavatra fa tsy atao mifanakaiky fotsiny) ary saromana lambahoany iray. Alahatra manatrika ilay izy ny mpandray anjara rehetra. Esorina ny lambahoany ary omena 1 minitra izy ireo mandinika ireo zavatra amin'ny tany. Avy eo averina saromana ilay izy, ary antsoina tsirairay ny mpandray anjara ary asaina manonona izay hitany teo @ tany. Izay mahamarina betsaka indrindra no maharesy.



Azo atao ihany koa ny manomana fanontaniana mahakasika ireo kojakoja ka izay mahavaly voalohany no mahazo isa ary izay be isa indrindra @ farany no mandresy. (oh ; inona ny soratra eo @ ilay brosy nify?)

Raha mihoatra ny 5 ny mpandray anjara dia azo zaraina ho tarika izy ireo ary mifanampy ny iray tarika.



LALAO 7

Bibilava tsy mahita

Lalao : Antonony

Fitaovana ilaina : Lamba na akanjo na lambahoany hanapenana maso, lalana feno fandrika sy miolakolana.

Isan'ny mpandray anjara : 10 et +

Tanjona : fampivelarana ny fifampitokisana sy fifampihainoana ary fiaraha-miasan'ireo mpandray anjara

Faharetany 30 min

Fizotran'ny lalao


Ao anaty fahanginana tanteraka no hizoran'ny lalao. Zaraina ho tarika 2 misy olona 5 (na mihoatra) avy ny mpandray anjara. Milahatra mahitsy ireo mpiray tarika ary tapenana amin'ny lamba ny mason'ny rehetra ankoatra ireo olona any @ farany laharana. Ilay any amin'ny farany laharana no mibaiko ny lohany ka toy izao ny baiko hataony :

Atao eo amin'ny soroky ny namana eo anoloana ny tanana 2 :

- Kapoka eo amin'ny soroka 2 raha handroso
- Sintona eo amin'ny soroka 2 raha hijanona
- Kapoka eo amin'ny soroka havia raha mivily havia
- Kapoka eo amin'ny soroka havanana raha mivily havanana
- Misafosafo loha raha mihondrika
- Mitehaka raha misaoty



Tsy voatery mitady zavatra sarotra be ilay manoritra lalana fa na dia faritana amin'ny tany fotsiny aza dia mety. Avy eo asiana seza, kofafa, tady mihenjana fotsiny eny hatao sakatsakana eny an-dalana. Tsy voatery ireo baiko ireo koa no hatao fa afaka mamorona baiko izay hifanarahany ny mpiray tarika mba hampivelarana ny toe-tsaina famoronana ao anatin'ny.



LALAO 8

LAMASININA

Lalao : Antonony

Fitaovana ilaina : tsy misy

Isan'ny mpandray anjara : 10

Tanjona : fampivelarana ny hakingana sy fiaraha-miasa ary fitaizana vatana.

Fizotran'ny lalao


Zarina tarika 2 na 3 ny mpandray anjara ka toy izao ny fandehan'ny lalao :

- Milahatra mahintsy mifanao aloha sy aoriana ny mpiray tarika.
- Manisa 3 ny mpampilalao dia mandeha mihazakazaka manao course, miodina avy eo dia miverina mankeo amin'ny toerana niaingana ary mandray namana iray avy eo miverina mihodina indray izy roa ary mamonjy ny namany ary maka namana hafa indray? Ohatra izay foana mandram-pahafeno ny rehetra ka izay mahavita aloha no mandresy.



Raha ohatra ka tapaka ilay lamasinina dia miverina hatramin'ny voalohany ilay tarika .

Tsy azo tapahina ny lamasinina mandram-pahatonga ny rehetra eo @ arrivé.



Tarika A

Tarika B

— — — Lalana aleha

LALAO 9

Baolina boribory

Lalao : Sarotra

Fitaovana ilaina : Baolina ary zavatra azo hamaritana ny kianja hilalaovana

Isan'ny mpandray anjara : Tarika 2 ahitana olona 5 na mihoatra isan-tarika


Tanjona : fampivelarana ny fiaraha-miasa sy fahaizana mitily

Faharetany 30 min

Fizotran'ny lalao

Zaraina ho tarika 2 A sy B ny mpandray anjara rehetra. Avy eo dia alefa eo anivon'ny kianja ny solon-tena iray avy ao amin'ny tarika A. Eo anoloany manodidina azy no milahatra manaraka ny faribolana ny namana ekipa ao amin'ny ekipa 1 (ny ambony 4) manaraka ilay tsipiky ny faribolana faha 2 kosa ireo ekipa B rehetra .

Ilay olona iray ao anatin' ilay faribolana dia miezaka mitifitra olona iray ao amin'ny ekipa B. Raha mahavao izy dia lasa ekipa A ilay olona voany izany hoe miroso eo amin' ilay faribolana anatin'ny. Raha toa kosa ka tsy mahavao na milatsaka amin'ny tany ilay baolina na voasambotry ny ekipa B dia lasan'ireto farany ny baolina ka mitifitra olona iray ao amin'ny ekipa A izy ka raha mahavao dia lasa ho ekipa B. Ireo avy ao amin'ny ekipa A kosa dia na miala ilay tifitra na miezaka ny misambotra ilay baolina ary mamerina izany amin' ilay ao anivo rehefa azony ny baolina.



Tsy azon' ilay eo anivo atao ny mihetsika eo amin' ilay toernana misy azy.

Mitovy amin'ny ballon prisonnier ihany ny kilalao. Izay mahasambotra olona betsaka indrindra no mandresy.